



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FANOMPOAN'NY MPITANDRINA -
LE MINISTERE DU PASTEUR**

Alatsinainy 07 desambra 2020
Lundi 07 décembre 2020

**IREO ENDRIKY NY FANOMPOAN'NY MPITANDRINA (1 Tim. 1)
- LES DIFFERENTS ASPECTS DU PASTORAT (1 Tim. 1)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Misaotra an'i Kristy Jesosy Tompontosika aho, izay nampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin'ny fanompoana » - « *Je suis reconnaissant envers Celui qui m'a fortifié, Jésus-Christ notre Seigneur, car il m'a jugé digne de confiance en m'établissant à son service* » (1 Tim. 1, 12).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) : 490, 1-2 : Ry kristiana, andrandrao :

1. Ry Kristiana, andrandrao
Ny Tompo sy Mpanjankanao,
Fa Izy no Mpiaro.
Ka aza taitra ianao,
Na dia manakora izao
Ny fahavalo maro.
Omban'ny Tompo ianao,
Ka aza atahoranao
Ny rahon'ny mpamely.
2. Fa indro tsy rendrehana
Ilay Mpiambi-masina,
Izay Tokin'Israely,
Fantaro, marina izao :

Izay ataon'ny rafinao
Aoka ho azy izany.
Fa andrandrao ny lanitra,
Anao Andriamanitra,
Anao ny Fanjakany.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : 1 Tim. 1, 1-11 :

1 I Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy araka ny Didin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy i Kristy Jesosy fanantenantsika, 2 mamangy an'i Timoty, tena zanako amin'ny finoana : Fahasoavana, Famindram-po ary Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy i Kristy Jesosy Tompontosika.

1 De la part de Paul, apôtre de Jésus-Christ par ordre de Dieu notre Sauveur et du [Seigneur] Jésus-Christ notre espérance, 2 à Timothée, mon enfant véritable dans la foi : que la Grâce, la Compassion et la Paix te soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ notre Seigneur !

3 Toy ny nangatahako anao hitoetra any Efesosy, rehefa hankany Makedonia aho, mba handidianao ny sasany tsy hanao fampianarana hafahafa, 4 na hitandrina ny anganongano sy ny tantaram-pirazanana tsy hita lany izay mahatonga ady hevitra, fa tsy mampandroso ny fitondrana araka an'Andriamanitra amin'ny finoana, dia toy izany koa no ataoko ankehitriny. 5 Fa ny anton'ny Didy dia Fitiavana avy amin'ny fo madio sy ny fieritreretana tsara ary ny finoana tsy mihatsaravelatsihy, 6 izay nivilian'ny sasany, ka nania ho amin'ny taria foana izy, 7 dia olona izay te-ho mpampiana-dalàna, kanefa tsy fantany akory izay lazainy na izay itompoany. 8 Nefa fantatsika fa tsara ny lalàna, raha entin'ny olona araka izay antony, 9 ka fantany fa tsy ny olona marina no nanaovana ny lalàna, fa ny mpandika lalàna sy ny maditra, dia ny tsy matahotra an'Andriamanitra sy ny mpanota, ny olona tsy manaja izay masina sy ny olona vetaveta, ny mpamono ray sy ny mpamono reny, ny mpamono olona, 10 ny mpijangajanga, ny sôdômita, ny mpangalatra olona, ny mpandainga, ny mpianian-tsy to, ary na inona na inona manohitra ny fampianarana tsy misy kilema [salama], 11 araka ny Filazantsaran'ny voninahitr'Andriamanitra finaritra, izay natolotra ho adidiko.

3 A mon départ pour la Macédoine, je t'ai encouragé à rester à Ephèse pour donner instruction à certaines personnes de ne pas enseigner d'autres doctrines 4 et de ne pas s'attacher à des fables et des généalogies sans fin, qui produisent des controverses au lieu de servir le projet de Dieu qui s'accomplit dans la foi. 5 Le but de ces instructions, c'est un amour qui provienne d'un coeur pur, d'une bonne conscience et d'une foi sincère. 6 Certains se sont écartés de cette ligne et se sont égarés dans des discours creux. 7 Ils veulent être des professeurs de la loi, mais ils ne comprennent rien à ce qu'ils disent ni à ce qu'ils affirment avec assurance. 8 Nous savons que la loi est bonne, pourvu qu'on en fasse un usage légitime, 9 en sachant bien qu'elle n'est pas faite pour les justes mais pour les malfaiteurs et les rebelles, les impies et les pécheurs, les sacrilèges et les profanateurs, ceux qui tueraient père et mère, les meurtriers, 10 ceux

qui vivent dans l'immoralité sexuelle, les homosexuels, les trafiquants d'esclaves, les menteurs, les parjures et tout ce qui est contraire à la saine doctrine. 11 Voilà ce qui est conforme au glorieux Evangile du Dieu bienheureux tel qu'il m'a été confié.

Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Fampitandremana noho ny fampianaran-diso - Mise en garde contre les fausses doctrines :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Mba hatahorany ny fahefan'Andriamanitra izay hitsara azy ka hialany amin'ny fanodinkodinana ny Sitrapon'ny Tompo – *Pour qu'ils vivent dans le strict respect du Pouvoir de Dieu qui va les juger et qu'ils arrêtent de pervertir la Volonté du Seigneur.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 482, 1-2 : Jehovah ô, lanao nandinika ahy :

1. Jehovah ô, lanao nandinika ahy,
Ka fantatrao ny toe-piainako.
Ny fo sy saina mbamin'ny fanahy
Tsy miafina aminao, ry Tompoko !
2. Ka na mipetraka aho, na mandeha,
Izay rehetra ataoko hitanao,
He, fantatrao ny lalana haleha,
Ny androko dia eo an-Tananao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : 1 Tim. 1, 12-17 :

12 Misaotra an'i Kristy Jesosy Tompontosika aho, izay nampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin'ny fanompoana, 13 dia izaho, izay mpiteny ratsy fahiny sady mpanenjika sy mpampahory; kanefa nahazo famindrampo aho, satria tamin'ny tsi-fahalalana no nanaovako izany noho ny tsy finoana. 14 Fa be indrindra ny fahasoavan'ny Tompontosika tamin'ny finoana sy ny fitiavana, izay ao amin'i Kristy Jesosy.

12 Je suis reconnaissant envers Celui qui m'a fortifié, Jésus-Christ notre Seigneur, car il m'a jugé digne de confiance en m'établissant à son service, 13 moi qui étais auparavant un blasphémateur, un persécuteur, un homme violent. Cependant, il m'a été fait grâce parce que j'agissais par ignorance, dans mon incrédulité. 14 Et la grâce de notre Seigneur a surabondé, avec la foi et l'amour qui sont en Jésus-Christ.

15 Mahatoky ka tokony ho ekena amin'ny fankasitrahana rehetra izao teny izao : tonga tety ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin'ireny izaho no lohany. 16 Kanefa izao no namindrana fo tamiko, dia ny mba hasehon'i Jesosy Kristy eo

amiko, izay lohany, ny fahari-po rehetra ho fianarana ho an'izay hino Azy hahazoana fiainana mandrakizay. 17 Ary ho an'ny Mpanjaka tsy manan-taloha, tsy mety maty, tsy hita, dia ho an'Andriamanitra tokana anie ny laza sy ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amen !

15 Cette parole est certaine et digne d'être acceptée sans réserve: Jésus-Christ est venu dans le monde pour sauver des pécheurs. Je suis moi-même le premier d'entre eux, 16 mais il m'a été fait grâce afin que Jésus-Christ montre en moi le premier toute sa patience et que je serve ainsi d'exemple à ceux qui croiraient en lui pour la vie éternelle. 17 Au roi des siècles, au Dieu immortel, invisible et seul [sage] soient honneur et gloire aux siècles des siècles ! Amen !

Fanamarihana 2 : – Remarques 2 : Fankasitrahana ny famindram-pon'Andriamanitra - Gratitude pour la miséricorde de Dieu

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Mba tsy ho adinoiny fa na dia ao anaty ady sarotra aza izy dia miara-dalana aminy ny Tompo Jesosy ary manolotra ny famindram-pony ho azy ireo hiarahany miasa amin'ny Tompo – *Pour qu'ils n'oublient guère que, même s'ils vivent des moments difficiles, le Seigneur chemine à leurs côtés et qu'il leur offre sa miséricorde d'œuvrer avec Lui.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 283, 1-2 : Manan-jara, ry Jesosy :

1. Manan-jara, ry Jesosy, ny mpanomponao, izay natokanao hitondra ny Anaranao. Nofidiana ho mpitory ny Fitiavanao, Nitokiana ho mpamory ny vahoakanao.
2. Iza no zara-fanompoako voatendrinao, Ka ny mafy tsy ahoako hahefako izao. Tsy hadosi-pahoriana ny mpiasanao, Fa ny Hazo-Fijaliana : Lova Taminao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : 1 Tim. 1, 18-20 :

18 Iza no didy izao no omeko anao, ry Timoty zanako, araka ireo faminiana natao fahiny ny aminao ireo, mba ho entinao miady ny ady tsara ireo, 19 amin'ny itananao ny Finoana sy ny fieritreretana tsara, izay efa narian'ny sasany, ka toy ny olona vaky sambo izy ny amin'ny finoana. 20 Naman'ireny i Hymeneo sy i Aleksandro, izay natolotro ho an'i Satana mba hofaizina tsy hiteny ratsy.

18 Timothée, mon enfant, voici l'instruction que je t'adresse, conformément aux prophéties faites précédemment à ton sujet : t'appuyant sur elles, combats le bon combat 19 en gardant la foi et une bonne conscience. Cette conscience, quelques-uns

l'ont rejetée, et ils ont fait naufrage par rapport à la foi. 20 C'est le cas d'Hyménée et d'Alexandre, que j'ai livrés à Satan afin qu'ils apprennent à ne plus blasphémer.

Fanamarihana 3 : – Remarques 3 : Miady ny ady tsaran'ny finoana – Combattre le bon combat de la foi

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Mba samy handinika tsara ny lalana aleha izy ka hisafidy ny hanaraka ny Sitrapon'Andriamanitra – *Pour qu'ils décident bien de l'orientation de leur vie et qu'ils fassent le choix de chemin selon la Volonté de Dieu.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 514, 1-2 : Ry Jehovah, Tomponay, olom-bery izahay :

1. Ry Jehovah Tomponay, olom-bery izahay
Nefa tsy mba foinao fa vonjen'ny Zanakao.

Fiverenana :

*Zanahary : Aba, Ray,
Jeso Kristy : havanay.*

2. Lehibe ny indrafo : iza re no nanampo
Famonjena Taminao kanjo azonay izao ?

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : 1 Tim. 6, 11-16 :

11 Fa ianao kosa, ry lehilahin'Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany, ka miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an'Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemem-panahy. 12 Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro.

11 Quant à toi, homme de Dieu, fuis ces choses et recherche la justice, la piété, la foi, l'amour, la persévérance, la douceur. 12 Combats le bon combat de la foi, saisis la vie éternelle. C'est à elle que tu as été appelé et c'est pour elle que tu as fait une belle profession de foi en présence d'un grand nombre de témoins.

13 Izaho mananatra anao eo anatrehan'Andriamanitra, izay mamelona ny zavatra rehetra ary eo anatrehan'i Kristy Jesosy, izay nanao ilay fanekena tsara teo anatrehan'i Pontio Pilato, 14 mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin'ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tomponaysika izany didy izany. 15 Ny Andriana finaritra sady tokana, Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo, no haneho izany amin'ny fotoany. 16 Izy ihany no manana ny tsi-fahafatesana, mitoetra eo amin'ny mazava tsy azo hatonina Izay tsy hitan'ny olona sady tsy hainy jerena : ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amen !

13 *Devant Dieu qui donne vie à toute chose et devant Jésus-Christ qui a rendu témoignage par sa belle déclaration face à Ponce Pilate, je t'ordonne* **14** *de garder le commandement reçu en vivant sans tache et sans reproche jusqu'à l'apparition de notre Seigneur Jésus-Christ.* **15** *Cette apparition, le bienheureux et seul souverain, le Roi des rois et le Seigneur des seigneurs, la révélera au moment voulu.* **16** *Il est le seul à posséder l'immortalité, lui qui habite une lumière inaccessible et qu'aucun homme n'a vu ni ne peut voir. A lui soient l'honneur et la puissance éternelle. Amen !*

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana